# Boky avy Amin'Andriamanitra ny Baiboly (Fizarana 1)

Miorina amin'ny boky *Inona Marina no Ampianarin'ny Baiboly?* toko 2, azo jerena ato amin'ny jw.org.

**TANJONA:** Hamantatra hoe inona no inoanao ary nahoana, handinika izay ampianarin'ny Baiboly, ary hijery ny fomba hanazavana an'izay inoanao amin'ny hafa.

## AVY AMIN'ANDRIAMANITRA TOKOA VE NY BAIBOLY?

### 1 FANTARO IZAY INOANAO

Nahoana ny olona sasany no mety hamaly hoe tsia? .....

.....

Nahoana ny olona sasany no mety hamaly hoe eny? .....

.....

Ary *ianao,* inona no inoanao? .....

.....

Nahoana ianao no mino an'izany? .....

.....



www.jw.org © 2014 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

## 2 DINIHO IZAY AMPIANARIN'NY BAIBOLY

**Hevitr'Andriamanitra no voalaza ao amin'ny Baiboly, na dia olona aza no nanoratra azy io.**
(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 2, fehintsoratra 1-5.)

### Vakio ny 2 Timoty 3:16 sy ny 2 Petera 1:21.

Araka ny hevitrao, inona no dikan'ilay hoe 'avy tamin'Andriamanitra no nitenenan'ny olona' nanoratra ny Baiboly?

.....

.....

.....

Inona ny ohatra ampiasainao raha te hanazava ianao hoe ny hevitr'i Jehovah no nosoratan'ireo olona nanoratra ny Baiboly, fa tsy ny hevitr'izy ireo?

.....

.....

.....

**Raha misy sekretera iray, ohatra, asain'ny lehibeny manoratra taratasy, dia ny hevitr'ilay lehibeny no soratany ao. Toy izany koa ny Baiboly. Hevitr'Andriamanitra no ao na dia olona aza no nanoratra azy io**


www.jw.org © 2014 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

## Mifanaraka tsara amin'ny siansa sy ny tantara ny Baiboly.

(Jereo ny boky *Ampianarina,* toko 2, fehintsoratra 6-9.)

### Vakio ny Joba 26:7 sy ny Isaia 40:22.

Nahoana ireo andinin-teny ireo no mampiseho fa misy fanazavana ao amin'ny Baiboly, mbola tsy fantatry ny olona mihitsy raha tsy tatỳ aoriana be?

.....

.....

.....

### Vakio ny Nomery 20:2-12.

Araka ny hevitrao, mora tamin'i Mosesy ve ny nanoratra ny fahadisoany tao amin'ny Baiboly? Hazavao.

.....

.....

.....

Inona amin'ireo porofo mampiseho hoe marina ny Baiboly no tena mampiaiky *anao?*

.....

.....

.....

Inona no tsapanao rehefa fantatrao hoe fanomezana sarobidy avy amin'i Jehovah ny Baiboly?

.....

.....

.....

.....


www.jw.org © 2014 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania

## 3 HAZAVAO IZAY INOANAO

RAHA MISY MITENY HOE…

**Olona ange no nanoratra ny Baiboly e!**

DIA AZONAO VALIANA HOE…

**Marina aloha izany e! Olona 40 teo ho eo no nanoratra azy io. Izaho kosa anefa mino hoe hevitr'Andriamanitra no nosoratan'izy ireo tao, satria...**

.....

.....

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

.....

Inona no tena itiavanao an'io andinin-teny io?

.....

RAHA MISY MITENY HOE…

**Efa ela be ny Baiboly no nosoratana ka tsy tena azo itokisana.**

DIA AZONAO VALIANA HOE…

**Be dia be aloha ny olona mieritreritra hoatr'izany e! Fa izaho indray tsy mino an'izany satria...**

.....

.....

Inona ny andinin-teny azonao resahina amin'ilay olona?

.....

Inona no tena itiavanao an'io andinin-teny io?

.....


www.jw.org © 2014 Watch Tower Bible and Tract Society of Pennsylvania